


**Groupe des Experts Nationaux - GEN**

**Rue Rajakoba Augustin Ankadivato Antananarivo**

**Email : [mrcabram@moov.mg](mailto:mrcabram@moov.mg)**

**Tel : 020 22 663 99 Fax 020 22 663 59**

## ÉLECTION : PASSAGE OBLIGATOIRE

## SOYONS PRUDENTS

### A-INTRODUCTION

Actuellement, face aux pratiques douteuses dans la gestion des affaires d'État. La méfiance règne et la population aspire au changement.

On est dans un tournant décisif, nécessitant une analyse profonde du présent et de l'avenir pour que le pays n'aboutisse pas à une issue fatale, désastreuse et une déception du peuple souverain, face à des calculs politiques, suscitant une aspiration de révolte contre le système et la soif du pouvoir envenime la situation. Soyons prudents, quand à l'aboutissement du mouvement, et au passage oblige à une élection.

Le GEN, depuis 2014 n'a cessé d'alerter le pouvoir en place à recadrer le processus de démocratie et du respect de la constitution, notamment, les droits fondamentaux du citoyen.

**B-RÉTROSPECTIVE DES COMMUNIQUES DU GEN**

Différents points sensibles entorses à la souveraineté, à la culture et à la démocratie ont été évoqués a plusieurs reprises et le GEN a interpellé le pouvoir, notamment sur les concepts de démocratie et de bonne gouvernance.

A ne citer que quelques communiques :

1-Dans son communiqué du 02 Aout 2016, le GEN insiste sur le rôle de l'opposition dans un pays démocratique et que le débat entre le pouvoir et l'opposition soit tenu au Parlement.

Le PRM a l'obligation de décréter la loi N.2011-013 du 09 septembre 2011 portant statut de l'opposition et des partis politiques d'opposition (la constitution garantit l'opposition).

2-Le communiqué du GEN du 08 février 2017 insiste sur la restauration de la démocratie et le respect de la Constitution à Madagascar : une contestation dans la rue n'est pas à écarter si les pratiques du pouvoir ne changent pas.

Le GEN dénonce l'impunité, source d'abus de pouvoir et de l'inexistence d'un équilibre des pouvoirs à Madagascar.

3-Dans son communiqué du 21 juillet 2017, le GEN interpelle le pouvoir exécutif sur le verrouillage de l'appareil étatique ainsi que la répression de toute forme d'opposition au régime.

Compte-tenu de l'urgence, le GEN recommande une concertation interacteurs pour des reformes du code électoral, de la Ceni et d'une Cour spéciale Electorale, en vue des prochaines échéances électorales de 2018, dans le respect de l'inclusivité, la transparence et l'impartialité.

4-Le GEN, dans le communiqué en date du 16 mars 2018 a mis en relief le risque de conflits liés au processus électoral, en particulier dans le projet de loi électorale en gestation depuis quelques mois.

Une question a été posée dans ce communiqué : « le projet de loi électorale respecte-t-il les attentes et préoccupations des acteurs nationaux ? ».

Le communique avait mis en exergue que toute bavure liée à une loi partiale et mal conçue déclencherait un mécontentement généralisé.

5-Dans le communiqué du 28 mars 2018, le GEN lance un appel urgent à l'Exécutif et au Parlement de respecter la Constitution dans la finalisation du projet de la loi électorale.

Ils seront coresponsables de tout conflit généré par l'adoption de cette loi électorale.

La politique de sourde oreille a des limites et les conséquences sont multiples et imprévisibles.

**C- COMMENT RÉTABLIR LA CONFIANCE ET EFFACER LA MÉFIANCE**

Une situation de turbulence dans le pays s'oppose à la réalisation d'une élection juste, transparente, inclusive, participative et équitable.

Le passage obligé vers un changement démocratique légitime et légal est de ce fait l'organisation d'élections crédibles

Au vu de la situation, le GEN avance les propositions suivantes :

1-Analyser et considérer tous les éléments liés au processus électoral.

Analyser tous les facteurs de réussite pour contourner les contestations agressives des résultats car si ce sera le cas, les faits actuels auront une ampleur signifiante et dangereuse qu'aucune autorité ne pourrait maîtriser.

2-L'article 47 de la Constitution stipulant que l'élection du Président de la République a lieu trente jours au moins et soixante jours au plus avant l'expiration du mandat du Président en exercice devrait être révisé dans un accord politique électoral inclusif : 90 jours au moins à compter de la date du scrutin du premier tour jusqu'à la proclamation des résultats définitifs du second tour sont nécessaires pour la préparation d'une élection qui ne porte pas atteinte aux droits fondamentaux du citoyen.

3-Le statut de l'opposition doit être décrété dans l'immédiat.

4-La Ceni devra être redynamisée et recomposée dans les quinze jours après signature de l'accord, respectant l'inclusivité et l'indépendance par les partis protagonistes.

Signalons toutefois que le 8 mai 2018 la Ceni a émis une déclaration relative au Code électoral, aux dispositions nécessaires à l'instauration d'un climat de sérénité ainsi qu'au Calendrier électoral.

5-Une Cour électorale composée par les hauts gradés des magistrats administratifs et proposés par le SMM, juridiction compétente aux traitements des résultats et proclamation.

6-Une loi électorale devra être adoptée sur la base des suggestions des différentes parties prenantes.

7-Un calendrier électoral sera déterminé de commun accord par les parties prenantes.

8-Pour préserver la neutralité, l'Administration doit se dégager de toute immixtion au processus électoral.

9-Les hauts fonctionnaires de l'État s'interdisent de soutenir des candidats ou liste de candidat, et ne peuvent participer à des campagnes de propagande électorales.

10-La communauté internationale apporte les appuis financiers et matériels sans influencer au processus ; elle garde le statut d'observateur.

11-Un comité de suivi de l'accord sera à mettre en place pour superviser et accompagner les structures liées au processus électoral.

**CONCLUSION**

**Madagascar est un pays souverain, indépendant, la solution reste malagasy et le GEN rejette toute forme de médiation étrangère qui ne nous a apporté que des problèmes d'instabilité et de conflits permanents** (Feuille de Route de 2011).

La solution réside en amont du processus : c'est à ce niveau que tout doit être accepté par tous et non après la proclamation des résultats.

Le GEN est disposé prêt à présenter un Accord Politique Électoral Inclusif qui nécessite une discussion entre les différents acteurs malagasy impliqués au processus électoral.

**Antananarivo, le 11 mai 2018**

**Signé : Madeleine Ramaholimihaso, Bruno Rakotoarison, Charles Rakotonirina, Cocken Razafiarison, Andry Ranivoarison, Hasina Rakotoson, Zafimandimby**

****************************************

**Madagasikara : Ny GEN dia mitsipaka marindrano my fitsabatsabahan'ny vahiny amin'ny raharahan'ny Malagasy**

**Groupe des Experts Nationaux - GEN**

**Rue Rajakoba Augustin Ankadivato Antananarivo**

**Email : [mrcabram@moov.mg](mailto:mrcabram@moov.mg)**

**Tel : 020 22 663 99 fax 020 22 663 59**

**FIFIDIANANA: LALANA TSY AZO IDOVIRANA**

**KANEFA AOKA HO MAILO ISIKA**

**A- FAMPIDIRANA**

Mitaky fiovana eo amin'ny fomba fitantanana ny raharaham-pirenena ny vahoaka Malagasy ankehitriny.

Izay fanapahankevitra raisina dia mitaky fanadiadiana lalina sy matotra,satria miaina ao anaty tsy fifampitokisana isika dia ny mpitondra andanininy ary ny mpanohitra ankilany.

Misy ny manosika ny handehanana avy hatrany amin'ny fifidianana tsy misy fifandaminana atao ,mitsipaka izany ny GEN, satria dia hitondra ny firenena any anatin'ny antsana sy ny korontana ary fahapotehina ao anatin'ny fahadisoam-panantenanana ,satria mila fifandaminana eo amin'ny mpisehitra
rehetra
mahakasika
ny lalana, ny rafitra sy ny daty ary ny tontolo rehetra manodidina ny fifidianana .

Koa aoka ho mailo isika.

Efa matetika, nanomboka ny taona 2014 ny GEN no nanaitra ny tompon'ny fahefana mpanantanteraka,hijery manokana ny fametrahana ny demokrasia sy ny fanajana ny lalampanorenana ary ny tany tandalana , ho fanajana ny Zo fototra ny maha olona.

**B- TSIAHY MAHAKASIKA IREO FANAMBARANA NOVOKARIN'NY GEN**

Tsy hilaza afa tsy fanambarana vitsivitsy izahay hanamarinana fa efa hita taratra telo taona talohan'izao toe-draharaha izao fa ho sarotra kokoa ny zava misy raha tsy mitandrina isika amin'ny fanapahankevitra ho raisina.

**Ireto misy tsihay vitsivitsy voarakitra anaty fanambarana ny GEN:**

1-Fanambarana ny 02 Aogositra 2016 dia mamaritra ny tokony hamoahan’ny Filohan’ny Repoblika ny didy fampiarana ny lalana 2011 -013 nivoaka ny 09 septambra 2011 mamaritra ny sata ny mpanohitra sy ny antoko eo amin’ny fanoherana.

Satria nahatsapa ny GEN fa tokony eo anivon’ny Antenimiera araka ny voasoritra anaty lalampanorenana no hisy ny adihevitra demokratika.

Atramin’ny andro androany dia tsy nohenoina izany antso izany.

2- Ny GEN dia manambara ao anatin’ny fanambarana natao ny 08 Febroary 2017 fa tokony hapetraka ny tontolo ny demokrasia eto Madagsikara fa mety hiafara amin’ny fidinana andalambe izany rehefa gejaina ny olompirenena tsy ahazo hiteny.Koa nahatonga ny GEN hametraka ny fanontanina hoe : “Fametrahana ny demokrasia eto Madagasikara : Tahotra sa Tsy Fifehezana”.

3-Tao anatin'ny fanambarana nivoaka ny 21 jolay 2017 ny GEN dia nilaza fa izao tsy fihenoana ny feo ivelan’ny fitondrana izao, ny fanenjehana ireo tsy mitovy hevitra ary mijoro ho mpanohitra dia tsy mahasoa ny firenena.

Nandroso sosokevitra ny GEN hanatotosana sehatra hifanakalozana handinihana ny

fametrahana ny lalampifidianana,nyrafitra Ceni sy ny Hcc ho fanajana ny mangarahara sy ny fandraisan'ny rehetra anjara.

4- Ny fanambarana ny 16 martsa 2018 dia mamaritra fa raha izao fomba fiasa ny governemanta Malagasy manidy varavarana nandrafitra ny volavolandalam-pifidanana izao dia hiteraka tsy fanekena ny lalampifidianana savorovoro ary korontana.

5-Ny fanambarana natao ny 28 martsa 2018 dia nanao antso avo ny GEN mba ho hajaina ny lalampanorenana eo ampadaniana ny lalampifidianana.

Tompon'andraikitra amin'izay korontana hiseho ny Fahefana Mpanantanteraka sy ny Antenimiera roa tonta mandany izany lalana izany.

Ny tsy fihainoana ny hevitry ny hafa dia mitarika vokatra maro tsy mahasoa ny firenena.Vokany tsy mifampatoky intsony ny mpisehatra.

**C- AHOANA ARY NY HAMERENANA NY FIFAMPITOKISANA?**

Resy lahatra ny rehetra fa ny fametrahana ny olomboafidy hitantana ny firenena lany ao anaty fifidianana marina,mangarahara, tsy mitanila ary tsy miandany no tanjona.

Manoloana izany, ny GEN dia mamaritra ny singa tsy maintsy halalinina sy hifanarahana mba tsy hisian'ny olana aorian'ny fifidianana.

Tsy azo terena fotsiny amin'izao ny ahanovana fifidianana satria raha ny toe java misy ankehitriny dia azo tarafina sahady fa raha sanatria ny vokapifidianana no tsy hifanarahana dia ho mafy kokoa ny korontana hiseho ary tsy hisy ahafehy izany.

**Mialohan'ny hirosoana amin'ny fifidianana dia haverina ny fifampitokisana. Fa amin'ny fomba ahoana?**

1-Hapetraka ny "Fifanarahana ara-politika Iraisana mahakasika ny fifidiana" na ''Accord Politique Inclusif Electoral"ka ao anatin'izany dia voasoritra faha ao anatin'ny 90 andro no hanantanterahana ny fifidianana manomboka ny 1er tour ary miafara amin'ny famoahana ny vokatry ny 2[nd] tour.

**Izany dia mba tsy hanohintohina ny zo fototra maha olona**.

2-Avoaka tsy misy hatak'andro ny didy fampiarana ny lalana 2011-013 nivoaka ny 09 septaembre 2011 mahasika ny satan'ny mpanohitra.

3-Havaozina sy hatsaraina ny CENI ahitana solontenan'ny hery mifanandrina. Izany dia hatao ao anatin'ny 15 andro aorian'ny fahavitan'ny Sonian'ny fifanarahan'ny mpifanandrina.

4-Hatsangana ny "Cour Electorale" ahitana ireo mpitsara ambony grady atolotry ny SMM.

5-Volavolaina ny lalam-pifidianana vaovao mianga avy amin'ireo hevitra mivoaka avy amin'ny fakanan-kevitra isan-karazany.

6-Faritana miaraka ny tetiandrom-pifidianana.

7-Tsy mahazo mitsabaka amin'ny raharaham-pifidianana ny Administration.

8-Ireo mpiasa ambony dia tsy mahazo mandray anjara amin'ny fampielezankevitra na manohana kandida amin'ny fifidianana.

9-Ny sehatra iraisampirenenna dia tsy tokony hitsabatsabaka amin'izao raharaha mahakasika ny Malagasy. Mijanona ho mpanaramaso fotsiny izy ireo.

10-Hatsangana ny komity hanaramaso ny fampiarana io fifanarahana io.

**FAMARANANA**

**Tany mahaleotena isika, ny GEN dia mitsipaka marindrano my fitsabatsabahan'ny vahiny amin'ny raharahan'ny Malagasy, satria dia tsy nitondra vokatsoa teto amin'ny firenena ny fidiran'izy ireo amin'ny raharahan'ny Malagasy fa fikorontanana no vokatr'izany.**

Ny famahana ny olana amin'ny tontolon'ny fifidianan dia mialoha no tsy maintsy hisian'ny fifamp idinihina , hifanekena ny hitondrana ny fifidianana, fa tsy aorian'ny vokatra.

Raha terena ny mpifanandrina hanaiky ny vokatra dia tsy ho ela indray dia hiverina ny savorovoro ara politika.

**Antananarivo, 11 Mey 2018**

**Sonia: Madeleine Ramaholimihaso, Bruno Rakotoarison, Charles Rakotonirina, Cocken Razafiarison, Andry Ranivoarison, Hasina Rakotoson, Zafimandimby**